# Ny maha-zava-dehibe ny fianarana


Ireto soratra masina sy teny nambaran'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana manaraka ireto dia afaka manampy anao hahatakatra kokoa momba ny zavatra andrasan'ny Tompo sy ny fanirian'ny Tompo mba handrantoanao fianarana. Rehefa mandalina ianao dia tadiavo ireo fahamarinana mikasika ny maha-zava-dehibe ny fianarana.

**Soratra masina hohalalinina:**

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:77–80, 118; 130:18–19

**Fampianarana avy amin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana:**

Nampianatra izao ny Filoha Russell M. Nelson:



Anjaranareo ny manovo fianarana. Tsy misy olon-kafa afaka manovo izany eo amin'ny toeranareo. Na aiza na aiza misy anao, miezaha mba hanana faniriana lalina ny hianatra. Ho antsika Olomasin'ny Andro Farany, ny manovo fianarana dia tsy tombontsoa fotsiny ihany fa andraikitra masina. "Ny voninahitr' Andriamanitra dia ny faharanitan-tsaina" (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:36). Ny fianarantsika dia ho an'ny mandrakizay tokoa. . . .

Ny fomba fijery lavitra toy izany dia hanampy anao hanao safidy tsara momba ny fianarana.

Aza matahotra ny hanatratra ny tanjonao, na ny nofinofinao mihitsy aza! Saingy fantaro fa tsy misy hitsin-dalana ny fahatongavana ho mpianatra mendrika indrindra sy mahay. Ny fianarana no tsy mampitovy ny hoe *mangetaheta* ny ho afaka hanampy ny hafa sy ny hoe *afaka* manampy ny hafa. (Russell M. Nelson, "What Will You Choose?" *Ensign*, jan. 2015, 32)

Nilaza izao ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



Izaho sy ianao dia eto an-tany mba hiomana ho amin'ny mandrakizay, hianatra ny fomba fianarana, hianatra zavatra manan-danja eo amin'ny lafiny ara-batana sy tena ilaina mandrakizay, ary hanampy ny hafa hianatra fahendrena sy fahamarinana (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:1). Ny fahatakarana hoe iza isika, avy aiza isika ary nahoana isika no ety an-tany dia mametraka andraikitra lehibe eo amin'ny tsirairay amintsika mba hianatra ny fomba fianarana sy hianatra hitia ny mianatra. (David A. Bednar, "Learning to Love Learning," *Ensign*, feb. 2010, 27)

Ny Filoha Camille N. Johnson, Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany, dia nizara izao:



Tokony hanovo ny fianarana sy ny fiofanana rehetra azontsika atao isika mba hahafahantsika ho vonona. Vonona hanompo ao amin'izao tontolo izao sy ny Fiangonana. Vonona ny ho mpanoro hevitra sy namana hendry ho an'ny vadintsika. Vonona ny ho mpampianatra mahomby ho an'ireo zanatsika sy ireo tanora izay tarihintsika. Arakaraka ny ianarantsika bebe kokoa, no hahafahantsika mametraka fitarihana lehibe kokoa ho amin'ny tsara." (Camille N. Johnson, "Seek Learning by Study and by Faith" [BYU–Pathway Worldwide devotional, Oct. 19, 2021], byupathway.org).

***Ho zatovo mahery!: Torolalana amin'ny fanaovana safidy*:**

Tian'ny Ray any An-danitra hianatra foana ireo zanakavaviny sy zanakalahiny. Manana antony ara-batana sy ara-panahy ianao ny hikatsaka sy hitia fianarana. Ny fandrantoana fianarana dia tsy natao hitadiavam-bola fotsiny ihany. Ampahany amin'ny tanjonao mandrakizay mba ho lasa tahaka ny Ray any An-danitra kokoa izany. . . .

Mitadiava fahafahana hampivelarana ny sainao sy hampitomboana ny fahaiza-manao anananao. Mety ho tafiditra ao anatin'ireo fahafahana ireo ny fianarana ara-dalàna any an-tsekoly na ny fiofanana arak'asa sy ny fianarana ataon'ny tena manokana avy amin'ireo loharanom-pahalalana atokisanao. Ampandraiso anjara amin'ny ezaka ataonao ny Tompo dia hitarika anao Izy. Rehefa mianatra momba ny tontolo manodidina anao ianao dia mianara ihany koa momba ny Mpamonjy izay nahary izao tontolo izao. Halalino ny fiainany sy ny fampianarany. Ampidiro ao anatin'ny fianarana ataonao mandritra ny fiainana ny seminera sy ny institiota ary ny fandalinana ny filazantsara ataon'ny tena manokana. (*Ho zatovo mahery!: Torolalana amin'ny fanaovana safidy* [2022], 31)

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_581-1